



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fizavana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-207

FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA
FAHA-004/2022 TAMIN'NY 8 JONA 2022 MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALÀNA MIFEHY
NY TETIBOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2022,
ATAON-DRAMATOA MINISTRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Fivoriana Faha-18
Natao ny
Alarobia 22 Jona 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Alarobia 22 Jona 2022, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2022 tamin'ny 8 Jona 2022 mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022, ataon-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nitohy ny Alarobia 22 Jona 2022, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, ka Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatanteraka izany.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe fanolorana ankapobeny ny Ramatoa Filoha Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana Fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2022 tamin'ny 8 Jona 2022 mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibom-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022, ataon-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa natao hanampy ny Solombavambahoaka amin'ny fahazoana ireo hevi-dehibe fonosin'ity fanitsiana natao tamin'ny Tetibolam-panjakana no antony anaovana izao fampahafantarana izao.

Nambarany koa fa mbola handalo asam-baomiera ity volavola-dalàna ity, ka tsy hisy aloha ny adihevitra momba azy.

Rehefa izany, niangavy an-dRamatoa Minisitry ny tenany hanazava ny anton'ny fanitsiana natao mikasika ny volavolan-dalàna.

Toy izao ny teny nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha nomena fitenenana izy:

Fialan-tsiny no teny nataony voalohany noho ny tsy fahatongavany nanatrika ny fivoriana tamin'ny Talata 21 Jona 2022, maraina, tokony ho nanatanterahana izao fanolorana izao satria tsy teto an-toerana ny ankamaroan'izy ireo.

Nambarany fa araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana dia tsy maintsy atao izao fampahafantarana ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana izao ary anjarany no manolotra izany eto amin'ny Antenimierampirenena.

Aorian'izay, hatao ny asam-baomiera, ka mandritra izany no ahafahana mametraka fanontaniana izay manitikitika antsika. Rahampitso kosa ny fandaniana azy eto amin'ny fivoriambe.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna nasiam-panitsiana, Ramatoa Minisitra. Notsahiviny fa tamin'ny 8 jona 2022 lasa teo no nandalo Filankevitry ny Minisitra ity volavolan-dalàna ity, ka nahazo fankatoavana taorian'izany.

Mirakitra ny laharam-pahamehana araka ny tapaky ny fanjakana izy ity, fa tsy hevitr'olombitsy tsy akory.

Inona no antony nanaovana izao fanitsiana izao: nomarihany fa tsy voatery hikitika ny "Loi de Finances Initiale(LFI)" isika. Tokony ho antony manokana no anaovana ny "Loi de Finances Rectificative(LFR)". Rehefa mampihatra ity farany dia mikatona avokoa ny fampiasam-bolampanjakana, izay no antony tokony tsy hanaovana ny fanitsiana ny tetibolampanjakana. Izany hoe betsaka ny fampiasam-bola tokony hatao ka somary manahirana ny hanakatonana ny fampiasam-bola.

Maro anefa ny "accord de financement" natrehina tao antin'ny 6 volana voalohany izay, ka tsy maintsy nirosoana ny fanaovana ity LFR ity. Ao koa ny fisian'ny ady ifanoavoan'i "Ukraine" sy Rosia izay manova ny endriky ny toekaren'izao tontolo izao. Izay no mahatonga antsika hiroso amin'ny fanitsiana ny tetibola.

Nandalovan'ny rivodoza indimy nisesy koa ny firenentsika, ka nisy fiantraikany lehibe tamin'ny toekarentsika izany. Vokatry'izay, tsy maintsy nanetsika ny LFI ihany koa isika.

Tsapa tao anatin'izay, fa nidina ny harin-karena, tsy nitovy tamin'ny noeritreretina tany amin'ny LFI 2022 izany.

Mikasika ny lalatsaina ara-toekarena kosa, niakatra ny « inflation » vokatry ny fiakaram-bidy maneran-tany, lasa 9,6% amin'ity enim-bolana manaraka ity raha 6,4% tamin'ny LFI.

	Loi de Finances Initiale	Loi de Finances Rectificative
Taux de pression fiscale	11,7%	11,6%
Taux de change en Dollar	4056.8	4015
Taux de change en Euro	4788	4259

Ny elanelan'ny vola miditra sy mivoaka na «taux de déficit budgétaire» dia -6,2% raha noeritreretina ho -5,7% izany.

Momba ny «taux de change» kosa nanao ezaka goavana ny fankajana hanatsarana ny fampidirana vola vahiny.

Mikasika ireo hevi-dehibe hatrany, manatsara ny fahefa-mividin'ny mponina ny fanjakana, toy ny fampiakarana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny tsy miankina, ka ny an'ity farany no tafiditra ato amin'ny LFR. Napetraka koa ny vidin'entana farany ambony, indrindra momba ny «Produits de Première Nécessité» na ny PPN, izay noraisina tany amin'ny Filankevitry ny Minisitra ihany koa.

Momba ny fanafainganana ny fanatanterahana ny fotodrafitrasa indray, ao anatin'ny ireo «nouvelles villes», ny fanamboaran-dalana RN7, RN12A, RN13, izay hita tamin'ny herinandro lasa teo ny fanombohana ny asa. Misy ampahany amin'ny asa atao no haloa amin'ity LFR 2022 ity.

Ankoatr'izany, nisy ny fampiasam-bola amin'ny resaka fahavitan-tena ara-tsakafo ary nisy hetsika natao momba izany, toy ny “infrastructure agricole”, ny fambolena sy fiompiana ary ny “industrie agro-alimentaire”.

Misy koa ny fanondranana «graphite» na misy aza ny ady ifanaovan'i “Ukraine” sy Rosia satria, tsy mitsaha-mitombo ny fanafaran'ny any ivelany an'izany. Izany hoe, rehefa sahirana ny firenena mpamokatra izany, lasa niakatra ny filana azy avy aty amintsika. Miroboroboa koa ny resaka “textile” eto amintsika.

Mikasika ny fizahantany, azo lazaina fa toerana azo vangiana i Madagasikara satria nahazo “cachet” momba izany isika, tsy ahitana olana eto amintsika raha ny fizahantany no resahana.

Fantatra fa handray “Jeux des îles” isika amin'ny taona 2023; tafiditra ato amin'ny LFR ny fandaniahana amin'ny fanomanana izany, ka miampy 8 miliara ariary ny fandaniahana hatao amin'izay.

Ny fanovàna mikasika ny fidiram-bola kosa, noho ny zava-misy maneran-tany, hihena 370.4 miliara ariary ny vola miditra amin'ny enim-bolana manaraka. Hita ato ny vola ampiasaina sy tsinjara ho an'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana ary azo jerena any amin'ny asam-baomiera koa izany. Izay no antsoina hoe “répartition des impôts” ho an'ny CTD (Collectivités Territoriales Décentralisées).

Hita ato koa ny vola alaina momba ny “visa” sy ny “droit d'accise” amin'ny volamena izay nahena ihany koa. Raha 15% izany tao anatin'ny LFI 2022, nidina ho 6% izany ato amin'ny LFR.

Nahena koa ny hetra alaina amin'ny vidin'ny solika eny amin'ny tobin-datsansy amin'ity LFR mba ahafahana miatrika ny fiakarana amin'ny vidin'ny solika.

Mikasika ny fadin-tseranana kosa, hiakatra 349.2 miliara ariary ny vola hiditra amin'ny fanjakana; anisan'ny hampiakatra izany ny “tarif douanier”. Nasiana fanamboarana teo amin'ny “fils synthétiques”; ka nampidinina ny hetra alaina eny amin'ny fadin-tseranana momba azy io. Nampiharina ny “abaissement tarifaire” izay fiaraha-miasa amin'ny mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola na ny “Partenaires Techniques et Financiers”.

Mikasika ny fandaniam-bola amin'ny “solde”; nihena 29 miliara ariary. Nihena tahak'izay ny fampiasam-bola amin'ny fandraisana mpiasam-panjakana, raha nieritreritra hanao fandraisana olona miisa 22 914 isika tamin'ny LFI, lasa 17 900 no zakatsika amin'izao LFR hampiharina amin'ny enim-bolana manaraka izao. Misy vola halefa any tsy miankina hanampiana ny karama farany ambany ao aminy.

Nihena 10 miliara ariary ihany koa ny fandoavana ny karaman'ireo mpiasan'ny ambasady any ivelany.

Hita ato ny vola handoavana ny karaman'ny "Personnels Administratifs et Techniques (PAT)" eny amin'ny Oniversite. Nisoratra tany tetibolan'ny Minisitera izany teo aloha ary tsapa fa misy fahatarana matetika, ka nafindra ao anaty "budget général de l'Etat" izany amin'izao fotoana izao.

Nanapaka ny fanjakana, fa izy no hameno ny elanelan'ny karama farany ambany any amin'ny tsy miankina izay 250 000 ariary izany amin'izao fotoana izao raha 220 000 ariary izany teo aloha. Mitentina 40 miliara ariary izany elanelan'ny vola izany raha nojerana ary nesoriana tao amin'ny "solde LFI pour 2022".

Momba ny "avancement" ho an'ny mpiasam-panjakana, nahitana fiakarana 22 miliara ariary izany. Nihena ny olona nikarakara antontan-taratasy momba ny fisotroan-dronono nandritra ny fisian'ny valan'aretina "covid-19", fa amin'izao kosa efa niverina ny fahazotoan'izy ireo, ka izay no antony nanaovana io fanatsarana io.

Momba ny «Caisse de retraite» ihany, nahitana fiakarana ny «secours décès» sy ny «pension alimentaire», mitentina 12,600 miliara ariary izany manerana ny nosy.

Mikasika ny fampiasana olona ECD, tao anatin'ny roa ny fanjakana no niala tsikelikely amin'ny fampiasana azy ireo, ka navadika ho ELD izy ireo. Marihana, fa tamin'izy ireo ECD, tany amin'ny CNaPS no nandoavany ny latsakemboka. Rehefa nafindra ho ELD izy ireo, navadika any amin'ny fanjakana izany. Tsara ny manamarika fa efa nosoratana tany amin'ny LFI 2022 ihany izany. Tsy afaka manao izany ny CNaPS amin'ity taona ity ka aleo miandry amin'ny taona 2023 indray.

Mikasika ny fandaniem-bola amin'ny "fonctionnement" kosa, ny vola niala tany amin'ny "solde" dia hafindra any amin'ny "budget général"; toy ny karaman'ny PAT eny amin'ny Oniversite, izay mitentina 21,9 miliara ariary.

Misy hetsika atao hanomezana karatra ireo olona tsy manana izany, ka nampiakatra fandania mitentina 16,4 miliara ariary ny fanatanterahana izany.

Mikasika ny JIRAMA indray, iaraha-mahita ny olana amin'ny fitantanana io orinasa io; mitentina 120 miliara ariary ny fanampiana amboniny homen'ny fanjakana azy. Raha 380 miliara ariary izany tamin'ny LFI, nampiana an'io vola io dia lasa 500 miliara ariary ny vola hoentina hanatsarana ny JIRAMA.

Mitentina eo amin'ny "2,5 millions de dollar" Amerikana no fandraisan'anjaran'ny fanjakana ho fanatsarana ny sosialim-bahoaka, ka ny Minisiteran'ny Mponina no hisitraka izany. Marihana fa misy koa anjara raisin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny fanatsarana io sosialim-bahoaka io.

Ny fampiakarana ny karaman'ny Sefo Fokontany kosa, nampiana 20 000 ariary izany, ka lasa 40 000 ariary amin'ny enim-bolana faharoa. Izany hoe, niampy 2,3 miliara ariary ny vola natokana handoavana ny karaman'izy ireo.

Mikasika ny “investissement” indray, efa nisy “accord de financement” maromaro, ka ny Banky Iraisam-pirenena no hamatsy vola amin’ny ampahan’ny asa sasany; ao koa ny orinasa “Connecting Madagascar” hamboatra ny lalana any amin’ny Faritra Atsimon’ny nosy. Hisy ampahany azo ampiasaina amin’izao enim-bolana manaraka izao ireo vola ireo. Io hoe +64 miliara ariary io izany izay vola izay.

Hahazo vola avy amin’ny Banky Iraisam-pirenena ihany koa isika, entina hiady amin’ny valan’aretina. Hahazo izany ny CSB, ka Minisiteran’ny Fahasalam-bahoaka no hitantana azy. Mitentina 76 miliara ariary ny vola hiasa amin’izao enim-bolana faharoa izao.

Mitentina 290 Miliara ariary ny vola homen’ny USAID, ka ny Minisiteran’ny Fahasalamana, ny Minisiteran’ny Rano, ny Minisiteran’ny Fanabeazana ary ny Minisiteran’ny Tontolo lainana no hisitraka izany. Azo ampiasaina amin’ity taona ity ny ampahany amin’io vola io.

Nahazo vola mikasika ny “projet PICAS” koa isika na ny “Pôle Intégré de Croissance Agro-Industrielle dans le Sud” avy amin’ny Banky Afrikana momba ny Fampanandroana, ka mitentina 6 miliara ariary no havoaka amin’ity taona ity.

Nanolotra vola ho an’ny fanjakana Malagasy koa ny Banky Iraisam-pirenena tamin’ny herinandro lasa teo, hanatsarana ny fampidirana rano fisotro madio eto amintsika. Koa amin’ity taona ity, 20 miliara ariary no hampiasaina.

Mikasika ny fanomanana ny «jeux des îles» araka ny volaza tany aloha, vola mitentina 8 miliara ariary no halaina ao amin’ny «budget de fonctionnement» ary 19,8 miliara ariary kosa avy amin’ny “investissement”, entina hanamboarana sy hanatsarana fotodrafitrasa ny hampiasana azy ireo.

Misy vola fanampiny nampidirina amin’ny fanatsarana ny fanamboaran-dalana, ka mitentina 72 miliara ariary eo ny vola hampiasaina amin’ny ampahan-dalana Ihosy-Betroka. Misy ny vola atokana hanombohana ny “autoroute” Antananarivo-Toamasina, izay iankinan’ny toekarensika, ka mitentina 301 miliara ariary ny vola hanombohan’ny fanjakana Malagasy ny asa. Aorian’izay, hisy mpiara-miombon’antoka amintsika handray ny asa.

Tafiditra amin’ny asa hataon’ny fanjakana amin’ny enim-bolana manaraka koa ny “refonte de la liste électorale”, ka vola mitentina 25,2 miliara ariary no hanaovana izany.

Mikasika ny elanelan’ny vola miditra sy ny vola mivoaka na ny “déficit budgétaire” kosa, araka io hitantsika io dia mitentina 3777 miliara ariary izany. Izany hoe, kely ny vola miditra noho mivoaka ary io no totaliny amin’ity LFR 2022 ity.

Izay no fanolorana amin’ny ankapobeny ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022, hoy Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy Fitantanam-bola, raha atao amin’ny teny tsotra.

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Minisitry, tamin’ny famelabelarana nataony momba ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2022, Ramatoa Filoha.

Notsahiviny fa fanazavana ankapobeny ihany no natao androany, fa hiditra amin'ny asam-baomiera ny Solombavambahoaka, ka any no ahafahana mametraka izay fanontaniana tokony hipetraka momba ity volavolan-dalàna ity.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahiviny koa, fa anio amin'ny 3 ora, tolak'andro, no hatao ny asam-baomiera handiniana ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2022 tamin'ny 8 Jona 2022 mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiampanitsiana, taona 2022, izay hiarahan'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana izay hatao amin'ny "salle BP".

Niato tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona